FANABEAZANA

Miha-ratsy ny tontolon'ny fampianarana eto amintsika

Notantearahana omaly ny fanovana ny minisitra sasany ao anatin'ny governemanta ankehitriny. Nanao ny fomba rehetra sy ny fisehosehoana ivelany ny maro tamin'izy ireo nanaporofoana sy nandresendahatra ny filoha ary ny praiminisitra, fa nahavita be ka mbola mendrika hotanana. Nampieritreritra ny naheno ireo chef cisco eran'ny nosy nivondrona sy nanao fanambarana fa tsara ny vitan'ny minisitra Volahaingo Marie Thèrese hatreto, satria mpampianatra izy ary mahafantatra ny olana sy ny zavamisy eo amin'ny sehatry ny fampianarana. Be ny ezaka efa nataony hoy izy ireo tao anatin'ny herintaona nitantanany ny minisitera, koa irina ny mbola hijanonany eo amin'io toerana io, raha ny ventin`ilay fanambaràna. Asa na dia nahazo tombontsoa manokana sy mihoa-pampana tamin'ny ministra ireto chef cisco ireto na ahoana, fa toa mifanohitra tanteraka amin'izay fiheveran'ny Talen'ny sekoly tsy miankina marobe manerana ny nosy ary koa ny ray aman-drenin'ny mpianatra izany fomba fijery toa mitanila sy tsy mitombina izany.

Voalohany mantsy dia nahena ho 8 volana sy tapany, raha jerena, ny faharetan'ity taon-tsekoly 2019-2020 ity. Tamin'ny herintaona dia 11 volana izany ary ireny niarahanahita ireny ny faharatsian'ny voka-panadinana tamin'ny ankapobeny. Dia asa indray izay hitranga amin'ity taon-tsekoly faran'izay fohy ity, satria eo dia io ny mbola fahatapahan'ny fianarana any amin'ny faritra samihafa ankehitriny, vokatry ny "andro ratsy" mitranga eto amin'ny nosy.

Ny tranon'ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena etsy Anosy.

Faharoa dia nihena be mihitsy ny isan`ny mpianatra niditra an-tsekoly tamin`ity taon-tsekoly 2019-2020 ity, be ny mpianatra mirenireny amin`izao fotoana izao fa toa tena tsy mahasarika azy intsony izany hianatra .Tsy misy fiovana fa vao mainka miharatsy aza ny tontolon` ny fampianarana ankehitriny vokatry ny tsy fanarahana ny PSE amin`ny tokony ho izy. Ny mpanala CEPE teto Antananarivo renivohitra moa tamin`ny farany teo dia voalaza fa nisy fihenany 3000 ny mpiadina . Efa tena lakolosy fanairana izany ho an`ny mpitondra saingy tsy hita hatreto izay mba fepetra mazava noraisina .

Fahatelo, dia voararan'ny lalàna ny mpianatra "mitifitra": izany hoe 4ème manao BEPC, na 1ere manao BACC ary tany aloha dia nenjehina mihitsy ny sekoly mandefa 4eme hanao BEPC, na 1ere hanao BACC .
Amin`izao fotoana izao anefa dia tsy miery ny cours isaky ny elakelantrano, indrindra eny amin` ny faritry ny 67 ha sy Isotry, izay mandefa mpianatra 4eme sy 1ere hanao BEPC sy BACC . Eny amin`ny dokam-barotra ataony amin`ny televiziona maro eto Antananarivo no misy izao hoe : COURS… MANDEFA 4 EME HANAO BEPC SY 1ERE HANAO BACC ary mikarakara hatramin`ny fampidirana mpianatra ho candidat d`ecole , nefa cours no ampanaoviny fa tsy mijoro ho sekoly aradalàna izy ireo.
Tsy ara-dalàna daholo izany rehetra izany nefa dia maniry ohatry ny anana ireny cours ireny ankehitriny ary tsy voatohintohina na voaenjika, ka tena lasa manao fifaninanana tsy ara-drariny (concurrence déloyale) amin` ny sekoly tsy miankina mijoro ara-dalàna.

Fahaefatra , ho avy indray ny fanadinana CEPE sy BEPC ary eo am-panomanana ny famenoana ny antontan-taratasy mahakasika izany ny mpianatra. Voalaza imbetsaka fa tsy andoavam-bola izany hoy ny minisitra , saingy tsy izany velively no niseho hatrizay fa dia mandoa vola hatramin`ny 3 arivo na mihoatra hatrany ny mpiadina . Tsy misy voakitikitika hatreto ireny talen`ny CEG nanao fanangonam-bola ireny . Milaza izy fa tsy ampy ny budget de fonctionnement omen`ny fanjakana azy ka tsy maintsy mampanangom-bola izy . Ary ny mahagaga tokoa dia tsy voakitikitika izy amin`izany fanangonam-bola ataony izany . Midika fa maniaky ihany izany ny minisitra sy ny mpitondra, fa fisehosehoana ivelany eny amin`ny haino amanjery fotsiny ny filazana fa tsy mandoa vola ny mpiadina CEPE sy BEPC. Eny amin'ny faritr'Itaosy aza dia misy ZAP izay efa mampanomana 5 arivo ariary, fa akambana ao hono ny vidin'ny fiche médicale sy ny carte d'identité izay fantatra fa tsy mihoatra ny 800 ariary akory ny fitambarany raha vidiana tsotra.
Halatralatra sy fangoronam-bola tsy marina toy izany no mitranga amin' izao, ka ny miletra vola maloto amin'ny zava-tsy marina toy izany ve no mahafaly ireo ao amin'ny CISCO, na ZAP, na Talen'ny CEG sasany, ka izany no mahamaika azy mbola hanohana ny fiverenan'ny minisitra ankehitriny?

Farany dia ilaina ampahatsiahivina ve ny zara vilana tamin'ny "panier garni" teo amin'ny sehatry ny fampianarana, ka ny sasany nahazo 7 alina mahery, ny sasany 9 arivo nefa samy mpiasam-panjakana?

Ary koa ny farany indrindra tamin'ny vacation tamin'ny BEPC 2018 nozaraina teo dia mbola zara tsy mitovy hatrany fa ny sasany nahazo 81000ar ary ny sasany teny amin`ny CISCO ATSIMONDRANO 54000ar? Dia mody nariraria indray ny mpampianatra fa hoe tsy mitovy ny isan'ny "copie" notsaraina no nahatonga izany. Izany no zava-niseho tao anatin'ny nitondran'ny minisitra Volahaingo Marie Thérèse ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena.
Koa ny filoha sy ny praiminisitra no aoka handinika raha tokony mbola haverina io minisitra io na tsia.

Ny Valosoa

Taratasin'ny mpamaky

Taratasy alefa amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao, izao fitarainana manaraka izao :
tranga nampalaelo tao Ankazobe afak'omaly izy ity. Ny zokinay dia nanana vola 11 tapitrisa tamin'olona, misy taratasy mazava tsara ary efa dila efa ela ny fotoana tokony handoavan'ilay olona ilay vola raha tokony tamin'ny 14 décembre teo. Tonga ho azy taty ambanivohitray ilay rangahy io avy eo ary notazoninay sy nokarakarainay tsara fa hoe ny fianakaviany no mandoa azy. Nanaiky ilay rangahy ary navelanay niresaka tamin'ny vadiny sy ny fianakaviany ny toerana sy ny fotoana andoavana ilay vola. Afak'omaly 28 janvier no nilaza fa andoa ilay vola ry zareo teny Ankazobe saingy indrisy, fa zareo indray no nitondra polisy ny brigade criminelle Anosy, fa nitory ilay ramatoa vadin'io mpisoloky io dia ny zokinay sy lehilahy telo niaraka taminy andeha haka ilay vola tao Ankazobe no nodarohan'ilay polisy brigade Anosy, fa hoe mpanao kidnapping hono ary ny tena mampalahelo dia vono, daroka no nahazo ny zokinay fa ilay rangahy kosa narovan'ilay polisy. Mba rariny ve izany zavatra zany. Tsy mandalina ilay tena zavamisy akory fa tonga dia miaro an'ilay mpangalatra ary tonga dia mamono tsy mitaky fanazavana, tsy manadihady. Tsy misy nanazavana fa nambanan'ireo gros bras hoe police ny brigade criminelle ny basy zareo, ka noentiny nirifatra nankany Antananarivo rehefa mangana tanteraka ny vono sy avy natosiny amin'ny rano mloto sy maimbo. Mitaraina izahay fianakaviana satria misy ary anananay taratasy mazava tsara voasonian'ny commune ny contrat an'io vola io ary miangavy ny manam-pahefana sy tompon'andraikitra ambony hijery ity raharaha ity, fa tena mijaly ilay zokinay. Misaotra indrindra dia mba hampitapitao izao fitarainana izao.

Jeh Idealy
Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao

Fanarahan-dian'ny miaramila

Omby 20 very tafaverina amin'ny tompony, dahalo 3 no maty

Manao ny ainy tsy ho zavatra ny miaramila mampandry fahalemana amin'ny halatra omby, any amin'ny distrikan'i Miandrivazo faritra Menabe iny. Ny faran'ny herinandro teo dia omby 20 no tafaverina amin'ny tompony vokatry ny ara-dia nataon'ny miaramila ao amin'ny ZRPS BRAVO, tao amin'ny tanàna antsoina hoe Behara Kaominina Begidro, Miandrivazo. Namaly tamin'ny tifitra ny dahalo, ka raikitra ny fifandonana. Vokany : miaramila iray no lavo ary iray hafa kosa naratra, ka efa nalefa hitsabo tena eny amin'ny CENHOSOA Soavinandriana, raha telo tamin'ireo dahalo kosa no lavo nandritra izany. Ny Fianakaviamben'ny Tafika Malagasy dia miara-ory amin'ny ny fianakavian'Itompokolahy Sergent-Chef WILLIAM DAUDET, namoy ny ainy tamin'ny fifandonana.

Stefa

Fitaovana sy ody nampiasain'ireo dahalo tany Miandrivazo.

MBC Ivato

Fahombiazana ny fihaonambe voalohany momba ny baolina kitra

Fahombiazana ny fihaonambe voalohany momba ny baolina kitra, izay notanterahana nandritra ny 2 andro teny amin'ny MBC (Mining Business Center) Ivato. Nandritra ny 2 andro no nandinihina ny fomba anatsarana ny baolina kitra eto Madagasikara. Nandray anjara tamin'izany ireo rehetra voakasik'ity resaka baolina kitra ity eto amintsika, avy amin'ny faritra 22 eto amin'ny Nosy. Nilaza ny solontenan'ny fitondrana nandritra izany fa vonona hanome ny heriny rehetra hanampiana ny kitra Malagasy, ary dia nankasitraka ny ezaka goavana nataon'ny Barea, indrindra tamin'ny fandresena goavana tamin'ireny CAN ireny. Maro ihany koa ny ezaka ataon'ny Klioba sy ny Federasionina, ka vonona hatrany ny fanjakana anampy ny mpilalao sy ny mpikarakara. Mpizaika miisa 170 manerana ny Nosy no niaraka nandinika loha-hevitra 8 nandritra izao fihaonana izao. Samy nanana ny soson-keviny ho fanatsarana ny baolina kitra ireo solontena avy amin'ny faritra isanisany.

Lita

Ny fihaonambe momba ny baolina kitra, tena amin'ny MBC Ivato.